

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

LOI n° 2008 - 037
modifiant certaines dispositions de la Loi n° 99-010 du 17 avril 1999
régissant les activités du Secteur Pétrolier Aval, modifiée
par la Loi n° 2004-003 du 24 juin 2004

EXPOSE DES MOTIFS

Les hausses intempestives des prix internationaux du pétrole se sont traduites par des hausses des prix des produits pétroliers sur le marché national pour atteindre des niveaux difficilement supportables par les consommateurs et notre économie. Par contre, les mouvements à la baisse de ces prix ne sont pas toujours fidèlement répercutés à la pompe.

Devant cette situation et eu égard au caractère hautement stratégique des hydrocarbures pour la vie de la nation, le Gouvernement a décidé de s'impliquer davantage dans la régulation du secteur des hydrocarbures. L'objectif étant d'assurer un approvisionnement au moindre coût économique.

Pour y parvenir, un amendement de certaines dispositions de la loi régissant ce secteur est nécessaire.

Cet amendement portera sur :

- le système d'importation des hydrocarbures ;
- la régulation des prix pour certains produits.

Tel est l'objet de la présente Loi.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana

LOI n° 2008 - 037
modifiant certaines dispositions de la Loi n° 99-010 du 17 avril 1999
régissant les activités du Secteur Pétrolier Aval, modifiée
par la Loi n°2004-003 du 24 juin 2004

L'Assemblée Nationale et le Sénat ont adopté, en leur séance respective au date du 11 décembre 2008 et du 17 décembre 2008, la Loi dont la teneur suit :

ARTICLE PREMIER : Les dispositions des articles 2, 3, 4, 25 et 34 de la Loi n° 99-010 du 17 avril 1999 modifiée par la Loi n°2004-003 du 24 juin 2004 régissant les activités du Secteur Pétrolier Aval sont modifiées et complétées comme suit :

« Article 2 :

L'objet de la présente loi est de fournir au consommateur et au pays un système d'approvisionnement en produits pétroliers adéquat, fiable, efficient et économique afin de :

- Sauvegarder la sécurité publique et l'environnement relatif à toutes les opérations et installations ;
- Assurer l'égalité d'accès de tous les consommateurs aux produits et aux services de qualité ;
- Etablir un marché libre et compétitif ;
- Sous réserve des dispositions de l'article 3 bis ci-dessous, éliminer toute forme de discrimination et de traitement préférentiel ;
- Crée des conditions favorables aux nouveaux opérateurs et investisseurs afin de développer et diversifier les infrastructures d'approvisionnement.

Article 3 (bis) :

Les activités d'importation, de transformation, de transport, de stockage et de vente des hydrocarbures sur le territoire de la République de Madagascar sont ouvertes à toute personne physique ou morale, constituée en société de droit malagasy, conformément aux conditions fixées par la présente Loi et la réglementation en vigueur.

Toutefois, les activités d'importation de certains produits, définis par Décret pris en conseil de Gouvernement, sont soumises à un régime spécifique dont la mise en œuvre opérationnelle est confiée à une société nationale.

A cet effet, lesdites activités d'importation sont réservées à la société nationale qui ne peut vendre les produits qu'elle importe qu'aux titulaires de licence de distribution et aux entités étatiques préalablement définies par décret, ce sans discrimination ni de traitement préférentiel.

Article 4 :

Sont également soumises aux dispositions de la présente loi, les entreprises publiques, les installations appartenant à l'Etat et aux collectivités décentralisées ainsi que les activités pétrolières exercées par ces derniers préalablement autorisées par décret.

Article 25 :

Sous réserve de la législation spéciale en la matière et des dispositions de l'article 3 nouveau bis de la présente loi, il est interdit de faire usage dans la chaîne d'approvisionnement de toute pratique contraire aux principes de la libre concurrence, d'empêcher ou d'entraver le fonctionnement du marché tels que la formation de cartels, la pratique de prix concertés, le monopole, la pénurie fictive ou le conditionnement dans les différents segments de la chaîne, de mener des concertations pour l'utilisation de toute installation et capacités logistiques, ainsi que toute autre mesure intentionnelle allant à l'encontre de la concurrence entre les participants du marché.

Article 34 :

Les prix des produits pétroliers et les frais et marges dans la chaîne d'approvisionnement sont déterminés librement par les opérateurs selon le principe de l'offre et la demande.

Toutefois, un système d'administration, défini par voie réglementaire, des prix et des marges dans la chaîne d'approvisionnement s'applique aux produits pétroliers soumis au régime spécifique à l'importation prévu à l'article 3 bis.

Le reste sans changement.

ARTICLE 2 : La promulgation de la présente loi ne doit pas avoir pour effet de perturber l'approvisionnement national en hydrocarbures. A cet effet, une période transitoire est instituée jusqu'à la mise en place effective des mécanismes nécessaires à la mise en œuvre des dispositions de la présente loi.

Durant cette période, les titulaires de licence d'importation actuels sont tenus de poursuivre leurs activités.

La fin de la période transitoire est constatée par arrêté du Ministre chargé de l'Energie.

ARTICLE 3 : Pour les licences d'importation en cours de validité à la date de la fin de la période transitoire, les titulaires ont droit à une indemnisation des coûts de la licence. Les modalités de cette indemnisation sont fixées par voie réglementaire.

ARTICLE 4 : Toutes dispositions contraires à celles de la présente loi sont et demeurent abrogées. Les modalités d'application des dispositions de la présente loi sont précisées par voie réglementaire.

ARTICLE 5 : La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République. Elle sera exécutée comme Loi de l'Etat.

Antananarivo, le 17 décembre 2008

LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE,

LE PRESIDENT DU SENAT,

Jacques SYLLA

Yvan RANDRIASANDRA TRINIONY

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

LALANA LAHARANA FAHA-2008-037
anovana ny fepetra sasantsasany ao amin'ny Lalàna laharana faha-99-010
tamin'ny 17 aprily 1999 mifehy ny asa aman-draharaoha mikasika ny
sehatry ny solika an'ava, novan'ny Lalàna laharana faha-2004-003
tamin'ny 24 jona 2004

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Ny fiakarana tsy hay vinanina teo amin'ny vidin'ny solika eo amin'ny tsena iraisam-pirenena dia nampiakatra izay tsy izy ny vidin'ny vokatra azo avy aminy eto amin'ny Firenena ka tsy zakan'ny mpanjifa sy ny toe-karentsika intsony.

Etsy an-daniny anefa, rehefa misy fidinan'ny vidin-tsolika eo amin'ny tsena iraisam-pirenena dia tsy mifanaraka loatra amin'izany ny fidinany eny amin'ny tobim-mpamatsiana solika.

Noho izany toe-javatra izany, ary indrindra amin'ny maha saro-pady ny lafny ara-tsolika eo amin'ny fainam-pirenena, dia nanapa-kevitra ny Governemanta fa handray andraikitra misimisy kokoa amin'ny fandrindrana ny sehatry ny akoran'afô na ny solika.

Ny tanjona amin'izany dia ny ahafahana miantoka ny fahazoana famatsiana amin'ny vidiny mirary kokoa.

Mba hahafahana manatanteraka izany anefa dia ilaina ny manisy fanovana ny fepetra sasantsasany ao amin'ny lalàna mifehy io sehatra io.

Izany fanovana izany dia mikasika :

- Ny rafitry ny fanafarana solika avy any ivelany ;
- Ny fandrindrana ny vidin'ny karazan-tsolika sasantsasany.

Izany sy izany no antonanton'izao Lalàna izao.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana

LALANA LAHARANA FAHA - 2008-037

**anovana ny fepetra sasantsasany ao amin'ny Lalàna laharana faha-99-010
tamin'ny 17 aprily 1999 mifehy ny asa aman-drahahara mikasika ny
sehatry ny solika an'ava, novan'ny Lalàna laharana faha-2004-003
tamin'ny 24 jona 2004**

Nolanian'ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona tamin'ny fivoriana izay natony ny faha-11 desambra 2008 sy ny faha-17 desambra 2008, izao Lalàna manaraka izao :

ANDININY VOALOHANY : Ovàna sy fenoina toy izao manaraka izao ny fepetra voalazan'ny andininy faha-2, faha-3, faha-4, faha-25 ary faha-34 amin'ny lalàna laharana faha-99-010 tamin'ny 17 aprily 1999 novan'ny lalàna laharana faha-2004-003 tamin'ny 24 jona 2004 mifehy ny asa aman-drahahara eo amin'ny sehatry ny solika an'ava :

“Andininy 2 :

Ny vontoatin'izao lalàna izao dia ny hanomezana ho an'ny mpanjifa sy ny firenena rafipamatsiana vokatra solika sahaza, azo itokiana, mahomby sy ara-toekarena mba :

- iarovana ny vahoaka sy ny tontolo iainana amin'ny loza mety hitranga amin'ny fikirakirana solika sy ny foto-drafitr'asa mikasika izany ;
- iantohana ny fitovian'ny mpanjifa rehetra amin'ny fahazoana vokatra sy fisahanan-drahaharaha manara-penitra ;
- anorenana tsena malalaka misy fifaninanana ;
- anafoanana ny endrim-panavakahana rehetra sy ny fanomezana tombondahiny raha toa ka tsy mifanohitra amin'ny andininy faha-3 vaovao bis etsy ambany ;
- Ananganana fepetra mahafa-po hoan' ireo mpandraharaha vaovao sy mpampiasa vola mba afahany manitatra sy mampandroso ny fotodrafitr'asam-pamatsiana.

Andininy 3 (bis) :

Ny asa aman-drahahara fanafarana, fanodinana, fitaterana, fanaticiana ary ny fivarotana akoran'afoto eto amin'ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara dia misokatra ho an'ny olon-tsotra rehetra na fikambanana, mizaka ny zo aman'andraikitra natsangana ho orinasa fehezin'ny lalàna malagasy, araka ny fepetra voafaritr'izao Lalàna izao sy ny didy amam-pitsipika manan-kery.

Na izany aza anefa, ny asa aman-drahahara fanafarana ny vokatra voafaritra, faritana amin'ny alalan'ny Didim-panjakana raisina eo am-pivorian'ny Governemanta, dia fehezin'ny fitondrana manokana ka ny fanatanterahana izany dia ankinina amin'ny orinasam-panjakana.

Amin'izany, ny asa aman-draharaha fanafarana voalaza etsy ambony dia natokana ho an'ilay orinasam-panjakana izay tsy afaka mivarotra ny vokatra izay nafarany afatsy amin'ny tompon'ny fahazoan-dàlana hitsinjara sy amin'ny vondrona ara-panjakana nofaritana mialoha amin'ny alalan'ny didim-panjakana, izany dia tsy misy fanavakavahana na fanomezana tombondahiny

Andininy 4 (vaovao) :

Fehezin'ny fepetra voalazan'izao lalàna izao ihany koa, ireo orinasam-panjakana, ny fotodrafitsara izay an'ny fanjakana sy ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana ary koa ny asa aman-draharaha momba ny solika sahanin'izy ireo ka nahazoan-dalana mialoha amin'ny alalan'ny didim-panjakana.

Andininy 25:

Raha toa ka tsy mifanohitra amin'ny lalàna manokana momba izany sy ireo fepetra voalazan'ny andininy faha-3 bis amin'izao lalàna izaq dia voarara eo amin'ny rojom-pamatsiana izay fomba fanao rehetra mifanohitra amin'ny fehin-kevitra momba ny fifaninanana malalaka, manakana na manelingelina ny fiordanan'ny tsena toy ny famoronana vondrom-pifanarahana, ny fanaovana vidim-bokatra ifampierana, ny fanaovana antanan-tokana, ny tsy fisiana natao fanahiniana na ny fameperana anatin'ny sampana samihafan'ny rojo, ny mitarika fifampidinohana amin'ny fampiasana fotodrafir'asa sy fahafaha-manatoby ara-pitaovana ary koa izay fepetra hafa rehetra niniana natao ka misakana ny fifaninan'an'ny mpandray anjara eo amin'ny tsena.

Andininy 34) :

Ny vidin'ny vokatra azo avy amin'ny solika sy ny **sara** sy tombony ao anaty rojom-pamatsiana dia faritan'ny mpandraharaha malalaka araka ny lalànan' ny tolotra sy ny tinady.

Na izany aza anefa, dia hisy rafim-pitantanana, faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika, ny vidin'ny vokatra sy ny sara sy tombony alaina ao anatin'ny rojom-pamatsiana ampiharina amin'ny vokatra azo avy amin'ny solika izay fehezin'ny fitondrana manokana ny fanafarana azy araka ny voalazan'ny andininy faha-3 bis.

Ny sisa tsy nasiam-panovàna."

ANDININY 2 : Ny famoahana hampanan-kery izao lalàna izao dia tsy tokony hisy fiantraikany hanakorontana ny famatsiana akoran'afoto eto amin'ny Firenena. Amin'izany, dia hisy vanim-potoana tetezamita hapetraka mandra-pisian'ny rafim-pandehanana ilaina amin'ny fampiharana ny fepetra voalazan'izao lalàna izao.

Mandritra izany vanim-potoana izany, ny tompon'ny fahazoan-dàlana hanafatra amin'izao fotoana izao dia tsy maintsy manohy ny asa aman-draharahany.

Ny fahataperan'ny vanim-potoana tetezamita dia hofaritana amin'ny alalan'ny didim-pitondrana ataon'ny Minisitra miandraikitra ny Angovo.

ANDININY 3 : Ny tompon'ireo fahazoan-dàlana hanafatra izay mbola manan-kery amin'ny vaninandro hifaranan'ny vanim-potoana tetezamita, dia manan-jo amin'ny fahazoana tamby amin'ny vidin'ny fahazoan-dàlana. Ny fombafomba amin'izany fahazoana tamby izany dia ferana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

ANDININY 4 : Foanana ary dia foana ny fepetra rehetra mifanohitra amin'ny voalazan'izao lalàna izao.

Ny fombafomba fampiharana ny fepetra voalazan'izao lalàna izao dia faritana mazava tsara amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

ANDININY 5 : Izao Lalàna izao dia avoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika ary hotanterahina toy ny lalàm-panjakana.

Antananarivo, faha-17 desambra 2008

NY FILOHAN'NY ANTENIMI ERAMPIRENENA,

NY FILOHAN'NY ANTENIMIERANDOHOLONA,

Jacques SYLLA

Yvan RANDRIASANDRATRINIONY